

Handeha aho

*I Charles Mills no nanoratra ity lahatsoratra
ho an'ny ankizy ity.*





Izao tontolo rehetra izao

«Koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina» - Mat. 28:19.

Fampidirana

Manahoana rankizy, manan-tena aho fa salama tsara ianareo.

Nanao ahoana ny herinandronareo tany am-pianarana? Ary tao an-trano, nankatò tsara ve ianareo? Izaho aloha salama tsara. Hono hoy aho rankizy, fantatrareo ve hoe inona ilay tranga maneran-tany hiseho manomboka amin'ny 21 Nôvambra ka hatramin'ny 18 Desambra 2022? Maherin'ny antsasaky ny mponina maneran-tany, manomboka amin'ny ankizy 4 taona no ho miakatra, no nanaraka izany tranga

izany tamin'ny taona 2018. Fantatrareo? Mazava loatra, ny fiadiana ho tompondaka erantany amin'ny taranja baolina kitra ho an'ny lehilahy. Ho feno lehilahy sy vehivavy mpanohana izao ireo toerana vaovao natokana ho an'ny mpijery ireo. Matetika izao ireo olona ireo no hihorakoraka hoe: «Alefa!», «Alefa Barea!» ohatra, sns ... Fomba ampaherezana ny mpilalao izany mba hanaovany izay tsara indrindra vitany.

Fantatrareo ve fa...

Nampiasa teny mitovitovy amin'izany koa i Jesôsy, hoe: «mandehana». Talohan'ny niakarany ho any an-danitra dia nampiasa izany teny izany Izy raha niresaka tamin'ny mpianany. Marina fa tsy ho fampaherezana azy ireo fotsiny izany fa hanomezana azy ireo iraka hotanterahina ihany koa. Andeha hovakintsika ao amin'ny Soratra Masina izany (Mat. 28:19) mba hazava amintsika kokoa: “Koa mandehana hianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.”

Raha ny kianja no filalaoan' ireo mpanao baolina kitra, ny kianjan'ireo mpianatr'i Jesôsy kosa dia izao tontolo izao. Oay! Tena ngeza izany a! Fa inona moa izany «izao tontolo izao» izany? Izay toerana rehetra misy anao no atao hoe «izao tontolo izao»: ao an-trano, any am-pianarana, any anaty fiara fitaterana, ao amin'ny tanàna sy vohitra misy anao, na aiza na aiza alehanao ... Inona

ary no tokony hataontsika ao amin'izao tontolo izao? Manao mpianatra ny olona. Asain'i Jesôsy ataon'izy ireo mpianatra ny olona izay tsy mbola mahalala Azy. Inona no atao hoe mpianatra rankizy? (Omeo fotoana hamaliana ny ankizy) Ny mpianatra dia olona izay nino an'i Jesôsy, ary natao batisa ..., ary manampy ny hafa amin'ny fomba maro isan-karazany. Ny olon-dehibe ihany ve no afaka manompo an'i Jesôsy? Tsia, ilay ankizilahy kely nanome mofa dimy sy hazandrano roa ho an'ireo mpianatra voalohany dia nanompo an'i Jesôsy koa. Izay nananany no natolony ho an'ny fanompoana.

Izay anananao fotsiny no asain'i Jesôsy omenao ho fanompoana Azy: ny fahaizanao na ny tanjakao ara-batana. Misy teny toy izao ao amin'ny boky «Manuel du disciple»: «Ny fomba tsotra indrindra no ampiasain'Andriamanitra mba hahazoana vokatra lehibe indrindra». Toy izany ilay hoe «Alefa» na «Mandehana». Midika izany fa tsy tokony hipetra-potsiny tsy hanao na inona na inona ho an'i Jesôsy ny olona. Izao koa no voalaza ao amin'io boky io ihany: “Antsoina hizara ny Tenin'Andriamanitra avokoa ny mpianatr'i Kristy rehetra (na kely na lehibe).” I Paoly, izay apôstôlin'i Jesôsy, dia nanao izany iraka izany ho lohalaharana, izany hoe nataony ho zava-dehibe mihoatra noho ny zavatra rehetra izany. “Nanjary nitety izao tontolo izao izy rehefa tonga Kristianina. ‘Misiônera’ ny asany na mpanao asa fitoriana maneran-tany, fa nitory an'i Jesôsy tamin'izay

rehetra nifanena taminy izy, sady nampianatra azy ireo ny fomba hanarahana an'i Kristy." Inona no azonao atao mba hahafantaran'ny hafa an'i Jesôsy? Tahaka ity ankizivavy iray antsoina hoe Sara ity! Henoy ny tantarany,

Tantara

Nijery ny fitohanan'ny fiara mandeha miadana teo amin'ny varavarankelin'ny kamiao kelin'ny dadany i Sarah. *Ahoana àry no hahatanterahan'izany?* Hoy izy nieritreritra sady niketrona. *Betsaka loatra ny olona, izaho anefa, izay zazavavy kely ity.*

Nosokafan'i dada ny varavaran'ilay kamiao kely eo amin'ny toeran'ny mpamily ary napetrany teo amin'ny seza teo akaikiny ny kitapo feno entana. Niakatra izy nony avy eo ary nametaka ny fehikibo aro loza. «Te hihinana lasopy legioma ve ianao?» hoy izy nanontany niaraka sady nisy tsiky namiratra teo amin'ny tavany torovan'ny asa. «Nasain'ny neninao hividy karaoty sy petipoa ary broccoli tao an-tsena aho, ka mieritreritra lasopy legioma matsiro miaraka amin'ny mofa vao avy namboarina ho an'ny sakafo hariva. Nividy paoma sy akondro maromaro atao tsindrin-tsakafo koa aho».

Novelominy ny môtera, dia nampidiriny tao anatin'ny fitohanan'ny fifamoivoizana ny fiara. Nitsiky i Sarah. «Eny, tia lasopy aho» hoy izy niteny moramora, dia nitodika tany amin'ireo fiara sy olona nandalo teo am-baravarankely indray izy nony avy eo.

«Manao ahoana ianao?» hoy ny rainy nanontany sady nitodika kely nijery azy. «Toa mototra ianao. Tsy be resaka toy ny mahazatra».

Nihifikifi-doha i Sarah. «Salama aho. Fa misy tsy azoko fotsiny».

«Inona no tsy azonao?»

Nitodika tany amin'ny rainy ilay zazavavy. «Nilaza ilay mpitoriteny tamin'ny Sabata fa tokony hitondra ny fitiavan'Andriamanitra amin'ny olona rehetra eto amin'izao tontolo izao isika. Tadiidinao ve? Hoy izy, «mandehana eny amin'izao tontolo izao!» Niato izy. «Zazavavy kely ihany anefa aho. Zazavavy kely iray fotsiny. Ahoana no hahavitako izany nolazain'ilay mpitoriteny?»

Nihatokatoka mora-mora i dada. «Tsara ny fanontaniana» hoy izy. «Toerana lehibe hahitana olona an-tapitrisany maro izao tontolo izao. Variana maketsy sy makeroa ny olona, miasa mafy, miezaka ny ho velona, miady amin'ny aretina, miaro ny tenany sy ny fianakaviany amin'ny ratsy. Ahoana no hahafahantsika manampy izany?»

Tampoka teo dia najanon'i dada ny teo an-tsisin-dalana ny fiara. «Hiverina eo aho», hoy izy. Hitan'i Sarah i dada nandray ilay harona misy paoma avy tany an-tsena, nanatona lehilahy iray mijoro eo amin'ny lalana miaraka amin'ny soratra mivaky hoe, «Noana aho. Mba ampio».

Najanon'i dada indray ny kamiao kely fotoana fohy taorian'izay, dia nidina izy. Nisy vehivavy iray mipetraka

eo ambonny seza misy kodiarana, miandry ny hiampita amin'ny arabe. Notarihin'i dada avy teny andanin'ny arabe mankamin'ny ilany izy, mba hahazoana antoka fa tafita soamantsara.

Nony avy eo dia nikopatanana sy nitsiky tamina lehilahy iray mipetraka amin'ny sezan'ny zaridaina miaraka amin'ny fijery malahelo eny amin'ny endriny izy. Nitsiky sy nikopa-tanana koa ilay lehilahy.

Rehefa niverina tao amin'ny kamiao kely i dada, dia nitsiky i Sarah, «azoko amin'izay ilay izy» hoy izy. «Anisan'izao tontolo izao koa ireny olona manodidina antsika ireny, sa tsy izany? Afaka manampy aho na dia izay olona hitako avy eo am-baravarankeliko aza».

Nitsiky i dada. «Ary fantatrao hoe inona no tsara miaraka amin'ny fanompoana atao am-pitiavana?»

Miramirana erÿ ny endrik' izy mianaka nifampiresaka. «Lasopy legioma!».

MIOMANA NY HANDEHA

Manaova lisitra amin'ity herinandro ity ny amin'ny fomba azonao anampiana olona. Dia mazotoa mampita ny fitiavan'Andriamanitra amin'izy ireo.

Tsarovy fa tsy misy hatsarampanahy azo heverina ho kely loatra. Mety ho tena goavana aza izany!

Manarato olona

«Dia hoy Jesôsy taminy: Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona hianareo» - Mat. 4:19.

Fampidirana

Manahoana rankizy, Nanao ahoana ny tontolo andronareo? (Na inona na inona valintenin'izy ireo dia manokàna fotoana hiaraha-mivavaka aminy, amin'ny feo mafy). Nisy teny hitantsika omaly. Iza no mahatadidy izany?

«Alefa» sy «mandehana». Iza avy no nampiasa ireo teny ireo? Ireo mpanohana ny mpilalao, sy i Jesôsy. Nahoana i Jesôsy no nampiasa izany teny izany? Mba hampahafantarana ny mpianatra ny iraka tokony hotanterahin'izy ireo. Hijery teny hafa indray isika anio.

Manana mpanazatra avokoa ireny mpanao fanatanjahantena ireny. Manaiky hotarihin'ny mpanazatra izy ireo satria mihevitra fa olona afaka manampy azy hahomby io

mpanazatra io, ka mety hibata ny fandresena sy hahazo ny loka izy ireo amin'izany. Tsy azo anefa ny fandresena raha tsy misy ezaka mafy atao sy fahafoizan-tena lehibe. Anisan'ny fahafoizan-tena lehibe ny mankatò ny mpanazatra. Raha tsy manaraka ny torolalana sy ny torohevitra omen'ilay mpanazatra ny mpanao fanatanjahantena dia tsy hahomby. Fantatry ny mpanazatra mantsy izay tokony hatao mba hahombiazan'ny ekipa.

Fantatrarao ve fa ...

Nampiasa io teny hoe «manaraka» io koa i Jesôsy. Hoy Izy hoe «Andeha hanaraka Ahy». Deute opisw mou izany amin'ny teny grika, izay midika ara-bakiteny hoe: «avia, mankanesa ao aoriako dia manaraha ahy, ataovy izay ataoko.» Izy no alaintsika tahaka. Mampiavaka ny mpianatr'i Jesôsy io fanarahana izay ataon'i Kristy io. Nantsoina rahateo hoe «mpanara-dia» ny mpianatra voalohany.

Rehefa tapa-kevitra hanaraka an'i Jesôsy isika, dia misy toetra efatra tokony hananana ireto:

1. Ny manaiky ny fam-pianaran'i Jesôsy

2. Ny manaiky hiara-miasa amin'i Jesôsy fa tsy miasa irery

3. Ny manaiky hankatò

4. Ny manaiky fa tsy tanteraka ny toetrako mba hahafahan'Andriamanitra manova ahy.

Nahoana isika no tokony hanaraka an'i Jesôsy? Manaraka Azy isika satria Izy no lalana sy fahamarinana ary fiainana (Jao. 14:6). Manaraka Azy isika satria Izy ihany no lalana mankany amin'Andriamanitra Ray. Tsy misy olona mitovy amin'i Jesôsy. Mihoatra lavitra noho ny mandeha ao aoriany na eo akaikiny ny hoe manaraka an'i Jesôsy. Fantatrarao ve fa mahalala tsara izay ilaina i Jesôsy mba hahazoantsiika fahombiazana? Tahaka ny mpampianatra mihitsy Izy.

Tsarovy izay noresahintsika omaly momba ny mpianatra sy izay andrasan'i Jesôsy aminy. Eny tokoa, handeha hatraiza hatraiza ny mpianatra raha azony atao izany. Izany no antony tsy maintsy anarahana an'i Jesôsy. Henoy ny andinintSoratra Masina ho antsika anio: «Dia hoy Jesosy taminy: Andeha hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona hianareo.» - Mat. 4:19. Rehefa mankatò an'i Jesôsy isika dia ampianariny ny fomba hahazoana olona ho Azy. Izany no antsoin'i Matio, mpitory ny filazantsara, hoe: «mpanarato olona».

Izao ny iraka natao hotanterahintsika araka ny boky le Manuel du Disciple: «mila mampianatra ireo mpino vaovao isika mba 'hitandrina' izay rehetra nolazain'i Kristy fa tsy maintsy tandremana



(Mat. 28:20).» Rehefa manome fampiasana ny mpampianatra anareo any an-tsekoly, dia mihaino tsara ny toromarika omeny ianareo, sa tsy izany? Toy izany koa ho an'ny mpianatr'i Kristy. Raha manaraka tsara ny toromarika omen'i Kristy isika dia hahomby. Henoy àry ity tantara momba ny fanaratoana olona ity.

Tantara

«Te ho mpianatra aho» hoy i Sarah teo am-pisakafoana hariva.

Niatio dada sy neny raha iny handeha hampiditra sotro any am-bava iny.

«Eny àry» hoy i dada namaly.

«Tsara izany» hoy i neny niteny sady nitsiky.

Nameno ny lakoza ny fofon'ny mofa vao avy namboarina sy ny lasopy legioma mangotraka raha teo am-piaraha-misakafo ity fianakaviana kely ity. Fantatr'i dada sy neny fa rehefa manao filazana ny amin'ny zavatra tahaka izany ny zanak'izy ireo vavy, dia efa nisaintsaina fatratra ny amin'izany izy, ary hisy zavatra manan-danja hitranga. «Tsy aleo ve aorian'ny sakafo hariva no atombokao izany?» hoy neny nanolokevitra. «Tsy tiako hangatsiaka ny lasopinao.»

Nitsiky i Sarah. «Eny àry» hoy izy, sady nikipoka indraim-bava tamin'ilay mofa vita amin'ny varimbazaha feno vao avy namboarina. «Saingy tsindrian-daona ny amin'izany aho»

Nipi-maso an'i neny i dada sady nihatokatoka. «Ny

zanakovavy ho mpianatra», hoy izy sady nitsiky. «Tiako izany!».

Ny harivan'iny dia hitan'i Neny niondrika teo amin'ny boky iray misy sary sy feno tantara ara-Baiboly ny zanany vavy, somokotra namaky toko iray teo am-pandriana. Taona vitsy lasa izay no namakiany ireo tantara ireo tamin'i Sarah. Mamaky irery ilay zazavavy ankehitriny, vokatry ny asa feno faharetana nataon'ny mpampianatra azy tany antsekoly.

«Inona àry no ataon'ny mpianatra?» hoy i neny nipetraka teo an-tsisin'ny fandriana.

Nitsiky i Sarah. «O, zavatra tena mahafinatitra» hoy izy nientanentana. «Voalohany, mianatra izay zavatra rehetra azony ianarana momba an'i Jesôsy izy ireo. Avy eo dia mandeha sy maneho an'i Jesôsy amin'ny hafa.»

«Toa mahafinaritra tokoa izany» hoy i neny namaly.

«Ary nilaza tantara tao amin'ny Baiboly izy ireo - tahaka ireto» hoy i Sarah sady nasehony ilay boky. «Nanampy ny olona matahotra sy mitebiteby izy ireo. Mivezivezy etsy sy eroa izy ireo indraindray mba hahazoana antoka fa ampy sakafo ny mahantra ary manana mpitsabo mikarakara azy ny olona marary. Manao hira momba an'i Jesôsy aza izy ireo. Farafahakeliny mahay hira telo momba an'i Jesôsy aho». Niatio ilay zazavavy. «Oay, ary namoaka demonia izy ireo»

«Inona tsara?» hoy i neny tao taitra.

«Aza matahotra» hoy i Sarah nikimokimo nihomehy. «Tsy mam-patahotra tahaka izay eritreretinao izany. Nianarako tany amin'ny Sekoly Sabata fa rehefa mivavaka ho an'ny olona iray isika, dia mandositra haingana ireo devoly manodidina. Nilaza koa ny mpampianatra fa ny vavaka dia mandroaka ny devolin'ny hatezerana, ny halahelo, ary ny henatra. Fitaovam-piadiana mahery vaika!».


Nanatsotra ny tanany nisafo ny takolaky ny zanany vavy ilay renim-pianakaviana. «Oh, ry zanakovavy mpianatra. Mino aho fa hanampy anao amin'ny dingana rehetra ataonao i Jesôsy ry Sarah. Hiaraka aminao Izy na aiza na aiza alehanao ary hampianatra anao izay tokony holazaina sy hatao Izy. Rehefa miara-miasa amin'i Jesôsy isika, dia tsy misy ahiana.»

Nihatokatoka i Sarah. «Izany no mahatonga ahy hamaky ity boky ity indray. Mila fantariko avokoa ny mombamomba Ilay mpiaramiasa amiko raha hiara-miasa Aminy aho.»

MIOMANA NY HANDEHA

Inona ny tantaran'i Jesôsy tena tianao indrindra?
Mitanisà zavatra telo momba Azy izay tena maminao indrindra.

Amin'ny fomba ahoana no hahatonga anao ho tahaka an'i Jesôsy amin'ny fizaranano ny fitiavany amin'ny hafa?
Milazà fomba efatra.



Halan' izy ireo Aho

«Raha halan'izao tontolo izao hianareo, dia aoka ho fantatrareo fa izaho efa halany talohanareo» - Jao. 15:18.

Fampidirana

Manahoana ianareo rankizy? Iza no afaka hitantara amiko ny fotoana nahafinaritra niarahany tamin'ny namany? (Omeo fotoana ahafahana miteny izy ireo) Marina ny voalazanareo, rehefa tiantsika ny namantsika dia manokana fotoana iarahana amin'izy ireo isika. Indraindray anefa dia tezitra amin'ny namantsika isika. Amin'izay fotoana izay dia miova ny fihetsitsika, misy fotoana isika miady aminy ary miteny hoe: “tsy tiako izy.” Efa nisy fotoana ve nilazanareo tamin'ny olona iray hoe: “tsy tiako ianao”? Efa nisy olona niteny anao an'ireo teny ireo ve? Manimba ny zavatra rehetra izany. Tsy mizara na

inona na inona intsony amin'ny namantsika isika. Amin'ny alalan'ireo teny telo tsotra ireo no ampahalalohovan'ny namanao anao, na dia tsy mihevitra izany aza izy. “Tsy tiako ianao,” fiteny izay atahoran'ny ankizy rehetra izany. Maharary izany teny izany, indrindra rehefa ny namana no miteny azy.

Mampalahelo fa mampiasa ireo teny ireo koa ny olondhibe, na rehefa manao fanatanjahan-tena izany, na any am-piasana na ao an-tokantrano. Indraindray aza dia arahin'ny herisetra mihitsy izany.

Fantatrareo ve fa...

Hita ao amin'ny Baiboly koa ny matoanteny “mankahala”. Ary i Jesôsy mihitsy aza no mampiasa izany. Mankahala ny olona ve i Jesôsy? Tsy marina izany! Andeha hovakintsika ny Soratra Masina mba halahalantsika misimisy kokoa momba izany. Iza no te hamaky ny Jao. 15:18? “Raha halan'izao tontolo izao hianareo, dia aoka ho fantatrareo fa Izaho efa halany talohanareo.” Vao nihaona voalohany isika dia efa nolazaiko taminareo fa tian'i Jesôsy ny handehanantsika any amin'izao tontolo izao. Izao tontolo izao dia ity misy antsika ity.

Zavatra manan-danja no ambaran'i Jesôsy amintsika

androany. Tsy ny olon-drehetra no namany teto amin'izao tontolo izao. Asehon'i Jesôsy an'ireo sakaizany ny zava-misy marina: tsy mahatakatra na inona na inona momba ny iraka nampanaovina Azy izao tontolo izao. “Ary lasa nivoaka ny Fariseo, ka niaraka tamin'izay dia niray tetika tamin'ny Herodiana izy hanohitra an'i Jesôsy mba hahafaty Azy.”-Mar. 3:6. Nikendry izay hamonoana Azy ny Jiosy. Nampitahain'i Jesôsy tamin'ny amboadia maro izao tontolo izao (Mat. 10:16). Midika izany fa ny olona sasany dia eo mba hamely sy hanao ratsy ny hafa. Mampalahelo fa nisy izany teo amin'ny fiainan'i Jesôsy. Nandritra ny fotoana rehetra niasany, dia nilain'i Jesôsy ny niambina mandrakariva satria nitady izay fomba hahafaty Azy hatrany ireo fahavalony.

Anisan'ireo andalan-tSoratra Masina izay manazava tsara ireo toe-java-tsarotra tsy maintsy atrehin'ny mpianatra io toko sy andininy io (Mat. 10:16). (Izany dia ampahany amin'ny lahatsoratra (and. 16-23) izay miresaka momba ny zava-tsarotra tsy maintsy hatrehin'ireo mpianatr'i Jesôsy eo am-panaovana ny asa napetraka tamin'izy ireo, ary tafiditra ao anatin'ny iraka nanirahana azy ireo izay hita ao amin'ny toko faha-10 ao amin'ny filazantsaran'i Matio izany. Filaza mandidy ny teny nataon'i Jesôsy ao amin'ny sasany amin'ireo andalana ireo: toromarika nomena ireo mpianatra nirahina izany. Ampahandahatsoratra ahitana herisetra izany; hita ao ireo matoanteny toy ny hoe: “hokapohina”, “ho entiny eo anatrehan'ny mpanapaka sy ny mpanjaka”, “hatolony”, “hatolotra ho faty”,

“halan’ny olona”, “manenjika”, “mandositra”). Rehefa mampiasa ny matoanteny hoe “mankahala” i Jesôsy dia mampitandrina ny mpianatra ny amin’ireo loza sy zava-tsarotra tsy maintsy atrehin’izy ireo eo anatrehan’ireo sokajin’olona izay antsoiny hoe ‘izao tontolo izao.’” Eny tokoa, mampididoza ny finoana an’i Jesôsy eto amin’ny “tontolo”, izay te hanana ho azy irery ny fahefana sy ny fifehezana ny fanahy sy ny fo. Tsy ny olon-drehetra no tia ny Tenin’Andriamanitra. Araka izany, dia tokony ho hendry sy ho malina isika rehefa mampita izany Teny izany. Misy olona tsy tia ny Baiboly. Halan’ny olona i Jesôsy fony tety an-tany. Isika koa dia ho halan’ny olona sasany tahaka izany. Henoy tsara izao tantara manaraka izao.

Tantara

Niditra tao anaty kamiao kely i Sarah, nanankina ny lohany, ary nisento lalina. Nandinika azy nandritra ny fotoana ela i dada. «Nisy inona?» hoy izy nanontany moramora. «Tsy nahomby tamin’ny fitsapam-pahaizana ve ianao? Resy ve ny ekipan’ny baseball misy anao tamin’ny fakan-drivotra? Nisy olona nilaza zava-dratsy taminao ve?

Nijery ireo mpianatra niolomay nankany amin’ny fiaraben’ny sekoly i Sarah. “Tsia, tsia, ary...eny” hoy izy.

“Te hiresaka momba izany ve ianao?”

“Te ho mpianatra tsara fotsiny aho”

“Fantatro izany”

“Te hizara ny fitiavan’ Anriamanitra aho”

“Fantatro koa izany”

“Nahoana no rehefa niteny tamin’i Peter mpiaramianatra amiko aho fa tsy

tokony nangala-tahaka tamin’ny fitsapam-pahaizana matematika izy fa hanampy azy aho hahay hanao fampitomboana amin’ny isa sivy, dia hoy izy, ‘avelao aho. Mandehana! Tsy mila ny fanampianao aho!’ Nopetahiny anarana aho avy eo.” Niato kely i Sarah. “Halany aho. Halany tsotr’izao aho.”

Niketrona i dada. «Oh, tena mampalahelo izany»

“Ary ny ankizy sasany nilaza fa te hanaitra an’i Peter amin’ny fahaizako matematika fotsiny aho. Dia halan’izy ireo koa aho izao.” Nihifikifi-doha i Sarah. “Mampalahelo ny mahampianatra”.

Nentin’ny dadan’i Sarah niala teo amin’ny fiantsonana ny fiara, dia nody izy ireo. “Afaka mizara teny ao amin’ny Baiboly aminao ve aho?” hoy izy nanontany.

“Tsy maninoana mihitsy, nahoana moa izany no tsy ho azo atao?” hoy i Sarah tsy miraikaka.

“Jao. 15:18: *‘Raha halan’izao tontolo izao hianareo, dia aoka ho fantatrareo fa Izaho efa halany talohanareo’*”

Niketrona i Sarah. “Iza no nilaza izany?”

“I Jesôsy”

“Tena marina?”

“Izany no izy. Ao amin’ny andininy mana-raka dia milaza izao indrindra Izy, *‘Raha naman’izao tontolo izao hianareo, dia ho tia azy izao tontolo izao; fa satria tsy naman’izao tontolo izao hianareo, fa Izaho efa nifidy anareo tamin’izao tontolo izao, dia halan’izao tontolo izao hianareo’*. Nankahala an’i Jesôsy ny olona sasany rehefa naniry ny hanampy azy ireo izy.

“Nahoana?”

“Misy olona tsy matoky ny fitiavan’Andriamanitra. Heveriny ho tahaka ny fitiavana eto an-tany izany, izay tsy maintsy valiana. Mihevitra izy fa matoa tsara fanahy aminy ianao, dia tsy maintsy misy zavatra irinao ho tambiny, ary na inona na inona izany dia tsy te hanao izany izy ireo.”

“Oh, fahadalana izany» hoy Sarah nisento. «Naniry hanampy an’i Peter hahomby amin’ilay fitsapam-pahaizana fotsiny aho mba tsy hananany olona.”

“Satria naneho ny fitiavan’Andriamanitra ianao, fa tsy ny fitiavan’ny tany. Nikarakara ny hafa fotsiny i Jesôsy satria tia azy ireo, ary niriny ny hanaovan’izy ireo ny marina. Tsy te hanao ny marina anefa ny sasany tamin’ny olona, ka nandà an’i Jesôsy. Dia halan’izy ireo Izy.”

Nakimpin’i Sarah ny masonry. “Mbola maro be ny zavatra tokony hianarako momba ny maha-mpianatra.»

“Tsy fantatro an” hoy ny rainy nitsiky. “Toa efa mampianatra lesona mahafinaritra anao sahady Andriamanitra. Manampy anao hitombo sy ho matotra Izy. Mahazo misaotra Azy isika noho izany.”

Dia nivavaka izy ireo.

MIOMANA NY HANDEHA

Mifidiana fomba iray tianao hanampian’i Jesôsy anao ho tonga mpianatra lehibe. Izay tena ao am-ponao lazaina.

Naoty: Mitondrà fiara kely rahampitso rehefa mankaty ianarao

Fahazavana

“Hianareo no fahazavan’izao tontolo izao. Tsy azo afenina izay tanàna miorina eo an-tampon-tendrombohitra” - Mat. 5:14.

Fampidirana

Manahoana ianareo ry namako, antenaiko fa mahafinaritra anareo ny manatrika ny fianarana Baiboly isan-kariva. Mahafinaritra ahy ny miaraka aminareo. Zavatra telo no hitantsika nanomboka tamin’ny Sabata:

- Nanome baiko antsika i Jesôsy talohan’ny niverenany ho any amin’ny Rainy: “koa mandehana hianareo, dia atovy mpianatra ny firenena rehetra.”

- Tokony hanara-dia an’i Jesôsy isika mba hahatonga antsika ho voaofana tsara.

- Tandremo! Tsy ny olona rehetra no tia ny mpianatr’i Jesôsy. Nampiasa matoanteny iray mihitsy aza i Jesôsy, ny matoanteny hoe: “mankahala” izany.

Toa sarotra izany asa izany! Kanefa tsy hamela antsika ho irery i Jesôsy. Nambarany tamintsika fa homba antsika Izy (Mat. 28:18-20).

Tsy mora tokoa ny fiainana maha-mpianatra, manao ahoana àry no tokony ho fitondran-tenantsika manoloana ireo olona tsy mahalala an’i Jesôsy?

Fantatrareo ve fa...

Tamin’ny andro voalohan’ny famoronana, dia nanonona izao

teny izao Andriamanitra: “Misia mazava.” Fantatrareo ve ny fotoana nanononany ireo teny ireo? Tsy mbola namirapiratra ny masoandro tamin’izany. Avy tamin’Andriamanitra izany fahazavana izany (Apôk. 21:23). Ambaran’ny Baiboly amintsika fa Izy (Andriamanitra) no mazava (1 Jao. 1:5). Araka izany dia hitondra ny mazava eto amin’ity planeta Tany ity ny Fahazavany, ary iriny ny hahatonga antsika ho fahazavana ho an’ireo namantsika. Andeha isika hamaky ny andalant-Soratra Masina: “Hianareo no fahazavan’izao tontolo izao. Tsy azo afenina izay tanàna miorina eo an-tampon-tendrombohitra.” - Mat. 5:14. Tian’Andriamanitra koa ny hahatonga antsika ho fahazavana ho Azy. Izany no fomba tsara hampitana ny filazantsara amin’ny hafa.

Ahoana àry no hampahazava antsika?

Omaly aho dia nilaza taminareo mba hitondra fiara kely iray androany. Iza no nitondra? Io fiara kely io no

hanampy anao hahatakatra ny fomba hamirapiratanareo ho an’i Jesôsy. Eo amin’ny fiara rehetra dia misy jiro eo anoloana sy ao aoriana. Fantatrareo ve ny antony mahatonga ny jiro ho fotsy eo anoloana ary mena ao aoriana? (Andraso ny valinten’izy ireo) Ny jiro **eo anoloana** dia ampiasaina mba **hitsilo ny lalana**. Ny jiro ao aoriana kosa dia natao hampitandremana ny mpamily mba ho malina eo am-pamiliana. Isika koa dia tahaka ireo jiro ireo. Isika no fahazavana izay mampahazava izao tontolo izao, satria mitondra ny fiainany tahaka ny fiara tsy misy jiro ny olona. Tsy mahalala ny fahamarinana mikasika an’Andriamanitra ny olona. Ny mpianatra izay mitondra hazavana dia irahina mba hampitandrina ny hafa fa tandindomin-doza izy ireo raha tsy eo ny fahazavan’ Andriamanitra. Izany no antony iantsoan’i Jesôsy antsika ho fahazavana ho an’izao tontolo izao.

Nanana fikasana tsara i Jesôsy raha nanendry ireo mpianany ho fahazavana ho



an'izao tontolo izao, na koa ny jiro izay apetraka eo amin'ny fanaovan-jiro mba hanazava ny olona ao an-trano. Hitantsika ao amin'ny filazantsaran'i Marka (Mar. 4: 21) sy Lioka (Lio. 8:16; 11:33) ihany koa io fanoharana mahakasika ny jiro io. Manondro ny Filazantsara ny fahazavan'ny jiro ao amin'ireo toe-javatra roa ireo. Ao amin'ny filazantsaran'i Matio kosa (Mat. 5:14-16), dia ny mpianatra no tonga jiro manazava ny tranobe iraisan'ny olombelona, ary nampiana aza fa izy ireo no fahazavan'izao tontolo izao. Manome voninahitra an'ireo mpianany i Jesôsy amin'ny filazana fa izy ireo no fahazavan'izao tontolo izao.

Raha nanome ny iraka mba handehanana any amin'izao tontolo izao i Jesôsy dia tiany isika raha hazava ho Azy eo anatrehan'ny lehilahy sy ny vehivavy (Mat. 5:16). Ary mba hampahazava antsika dia tokony hifandray Aminy isan'andro isika. Henoy tsara ange izao tantara izao e!

Tantara

“Nahoana ianao no tsy tezitra?”

Nitraka avy tao amin'ny boky siansa novakiny i Sarah ka nahita an'i Justin Wilcox mpiara-mianatra taminy nijoro teo akaikiny. Feno hatsambohana ny tavany ary namela diany teo amin'ny volony matroka sy olioly ny satrony fanaovana baseball. “Ahoana hoy ianao teo?” hoy izy nanontany.

“Rehefa nilaza i Terry fa nokapohinao teo amin'ny sandriny izy kanefa ianao tsy nanao izany akory, dia nalefan'ny mpampianatra niditra ianao nandritra ny fakan-drivotra manontolo, dia niditra tokoa ianao tsy niteny na inona na inona, nahoana ianao no tsy tezitra?”

Niankina tamin'ny sezany i Sarah. “Nanontany an'i neninay aho hoe nahoana i Terry no tezitra amiko. Dia nolazainy ahy fa tezitra izy satria nandao azy ny rainy ka mety tsy hiverina intsony. Noho izany, dia mandehandeha miteny zavatra mahatezitra izy satria malahelo ny fony. Angamba tiany halahelo koa ny olona hafa.”

Niketrona i Justin. “Dia tsy afaka maka rivotra ianao izany satria tsy te hampisy olana an'ilay zazalahy nahatonga anao tsy ho afaka naka rivotra?”

Nanainga ny sorony i Sarah. “Izay anngamba”

“Tokony ho nokapohinao teo amin'ny sandriny izy” hoy i Justin niakiky. “Efa nilaza izy fa nanao izany ianao.”

Nihomehy i Sarah. “Tsy izany no ataon'ny mpianatra.”

“Mpianatra? Inona izany resahinao izany?”

Nisento i Sarah. “Nianarako tany am-piangonana fa tokony ho mpianatr'i Jesôsy aho. Indraindray ny maha-mpianatra dia midika fa tsy maintsy mihevitra ny hafa aloha isika — na dia miteny lainga momba antsika aza izy. Tezitra sy malahelo i Terry, ary heveriko fa tsy tokony hanome tsiny azy aho. Raha nifamaly taminy aho, na nitoroka azy dia vao mainka halahelo izy. Tsy tiako hitranga izany.”

Nanifikifi-doha i Justin sady nanitsy ny varavarana. “Hafahafa ianao ry Sarah” hoy izy. “Mahereza ianao sy ny maha-mpianatra anao.”

Nitsiky i Sarah. “Misaotra, Justin. Mila izany aho.”

Minitra vitsy taorian' izany dia nahatsapa fana-trehan'olona nijoro teo akaikiny i Sarah, rehefa nijery izy dia ny tavan'i Terry no hitany. “Mifona aho” hoy ilay zazalahy. “Nolazaiko

tamin'ny mpampianatra ny zavatra nataoko, ka niteny tamiko izy fa tsy maintsy miditra aho mandritra fakan-drivotra sisa. Afaka mivoaka ianao raha tianao, hoy izy.”

Nieritritra nandritra ny fotoana fohy i Sarah. “Inona no fantatrao momba ny volana?”

Somary niketrona i Terry. “Volana?”

“Eny. Mamaky ny momba ny volana aho, ary tsy azoko hoe ahoana no ahafahany mampiakatra sy mampidina ny onjan-dranomasim-be. Toa mahafantatra betsaka momba ny siansa ianao ao an-dakilasy. Azonao hazavaina amiko ve?”

Nitsiky i Terry. “Tiako ny volana” hoy izy nientanentana, nipetraka teo akaikin'i Sarah. “Hitanao, misy an'io zavatra antsoina hoe *herin-tsintona* io (gravité).”

Raha mbola nilalao teny ivelany ny mpiara-mianatra tamin'izy ireo, dia niresaka momba ny tsiambaratelon'ny rafi-masoandro ilay zazalahy malahelo sy ilay mpianatra.

MIOMANA NY HANDEHA

Ahoana araka ny hevitrao no iatrehan'ny mpianatr'i Jesôsy ireto toe-javatra ireto?

1. Misy ankizy vaovao tonga ao amin'ny kilasy misy anao, any an-tsekoly.
2. Marary ny mpiara-mianatra iray izay monina akaikin'ny toeram-pianarana ka tsy afaka manohy fianarana.
3. Misy olona manome anarana ratsy anao mandritra ny fakan-drivotra.

Sekolin' ny fitiavana

«Aoka tsy haloaky ny vavanareo izay teny maloto, fa izay tsara ho fampandrosoana, araka izay tokony hanaovana, mba hahazoan'ny mihaino fahasoavana.» - Efes. 4:29.

Fampidirana

Manahoana ianareo rankizy? Omaly isika dia nilaza fa tokony ho fahazavan'izao tontolo izao isika. Miantso antsika mba hamiratra i Jesôsy. Lazao ahy rankizy, iza no mahatadidy izay voasoratra tao amin'ny biletà misy ny naotiny nialoha ny fotoampialan-tsasatra? Voasoratra tao ve ny hoe “be tabataba”? Mitabataba ve ianao ao am-pianarana? Mino aho fa tsy tsara ny mitabataba ao am-pianarana. Saingy misy ratsy kokoa noho ny tabataba; ohatra: ny miady any am-pianarana, maneso ny ankizy ary mampijaly azy ireo. Mampalahelo fa manampy izany rehetra izany koa ny tenim-boto sy ny teny ratsy. Ireo teniteny foana izay mivoaka ny vavantsika.

Fantatrareo ve fa ...

Tamin'ny vanim-potoana antenantenany, teo anivon'ny fiarahamonina natahotra an'Andriamanitra, ny fihetsika ratsy indrindra dia ny miteny ratsy ny fivavahana. Ninoana tamin'izany fa mety handratra an'i Kristy ara-batana izany. Teny ratsy, inona izany? Teny tononina mba hanafintohina ny

hafa na hanevatevana izany. Alaivo sary an-tsaina ity: firy aminareo no tia milalao ao anaty fitoeram-pako na any amin'ny fanariam-pako? Marina fa misy ankizy sasany milalao amin'ireny toerana ireny satria noana izy ireo ary tsy manan-javatra hafa hohanina afa-tsy ny fako. Saingy ianao, azoko antoka fa tsy hilalao amin'ireny toerana ireny ianao. “Aoka tsy haloaky ny vavanareo izay teny maloto, fa izay tsara ho fampandrosoana, araka izay tokony hanaovana, mba hahazoan'ny mihaino fahasoavana.” - Efes. 4:29.

Tsy amin'ny fotoana izay itenenantsika ratsy ihany no iheverana izany ho teny ratsy. Ratsy ny teniko ary maharary:

- isaky ny mitratretreva amin'ny hafa aho;
- isaky ny sosotra aho ary miteny am-pahatezerana, feno fankahalana
- isaky ny ao anatin'ny vondron'ireo izay manonona teny ratsy aho, ...

Ny mpianatr'i Jesôsy dia tokony hitandrina amin'ny fampiasana ny teniny. I Petera, rehefa nifanchatra tamin'ny olona maro tamin'ny alina iny dia nianiana. (Mat. 26:74). Hitanareo fa manjo ny olon-drehetra izany. Nila fanovana teo amin'ny

fiainany ny apôstôly Petera. Taty aoriana, io Petera io ihany no niteny fa tsy tokony hovaliana fanaratsiana ny fanaratsiana (1 Pet. 3:9).

Ahoana àry no hanaovana izany? Ny Baiboly anefa dia mangataka antsika mba ho mamy sira sy ho amin'ny fahasoavana ny tenintsika (Kôl. 4:6). Tiako ny hampirisika anareo hieritritra ny momba izany anio sy rahampitso ary amin'ny andro rehetra hiainanareo. Saino ny amin'ireo teny rehetra izay lazainareo ary apetraho amin'ny tenanareo ny fanontaniana hoe: “Mampandroso ny hafa ve ny teny izay lazaiko? Mitondra fahasoavana ho an'izay mandre ve izany?”

Tokony hoentintsika amimbavaka ny fampiasantsika ny teny. Andeha hivavaka mba hanampian'Andriamanitra antsika hiteny amin'ny fomba izay hitondra fahasoavana, amin'ny fomba tsara hampandrosoana ny hafa ary ny mba hiarovan'Andriamanitra ny tenintsika. Misy fomba fiteny manao hoe: avadiho impito ao am-bava ny lela mialoha ny hitenenana. Ny famadibadihana ny lela impito ao am-bava dia mamela antsika hieritritra mialoha ny hitenenana, saingy alaivo sary an-tsaina ny firesahana amin'ny olona iray izay miandry fito segondra vao mamaly anao?



Ho hafahafa ny fifampiresahana ankoatra ny fandaniana fotoana. Milaza io fiteny io fa tokony hieritreritra tsara aloha ny olona iray vao miteny sao dia miteniteny foana.

Azonao atao ny manao ity vavaka ity: «Jesôsy Tompo ô, ampio aho mba hieritreritra tsara vao hanokatra ny vavako mba hahazako mamaly ny olona rehetra.» Iza no lazain'ny mpanao salamo ao amin'ny Salamo: «Jehovah ô, asio fiambenana eo anoloan'ny vavako; Ambeno ny varavaran'ny molotro.» – Sal. 141:3. Amin'ny maha-mpianatra antsika dia antsoina isika mba hamiratra ho an'i Jesôsy amin'ny alalan'ny vavantsika. Henoy tsara ange ity tantara manaraka ity e.

Tantara

Nitraka avy tao amin'ny solosainy ny pasitora Miller mba hijery ity mpitsidika iray nijoro teo am-baravarany biraon'ny fiangonany. «Manahoana, Sarah,» hoy izy niantso. «Inona ny anton-dianao ho aty amin'ny fiangonantsika mahafinaritra amin'izao andro Talata izao?»

Napetrak'i Sarah teo akaikin'ilay seza hoditra lehibe teo akaikin'ny varavankely ny kitapony nisy boky ary nisento izy. «Misy sekoly ho an'ny mpianatra ve?» hoy izy nanontany. «Angamba aho mila fotoam-pianarana iray na roa.»

«Momba ny inona?»

«Ny amin'ny hahatongavana ho mpianatra tsara kokoa! Manao zavatra tsara aho indraindray. Indraindray aho very hevitra sy manao fahadisoana. Mahakivy an'i Jesôsy mihitsy angamba ny amiko.»

«Oh,» hoy i Pasitora Wilson nihatokataka toa mahalala zavatra. «Toa mila mandeha any amin'ny sekolin'ny fitiavana ianao»

«Inona hoe?»

«Ny sekolin'ny fitiavana. Any no alehan'ny mpianatra rehetra mila fanampiana.»

Niankina tamin'ny sezany i Sarah. «Aiza izany toerana izany?»

«Mety ho any ampiangonana, na any amin'ny Sekoly Sabata na any an-trano izany. Efa nanatrika ny Sekolin'ny Fitiavana tany amin'ny fonja aza aho.»

«Tany amin'ny fonja?» hoy Sarah taitra. «Tsy azoko.»

Nitsiky ilay lehilahy. «Ny Sekolin'ny fitiavana dia tsy toerana ry Sarah. Toetra izany. Manana fitiavana betsaka ao ampony ny mpianatra, ary mitady fomba hampiasana izany fitiavana izany izy ireo. Tian'izy ireo ho fantatra ny fomba tsara kokoa hanompoana ny fianakavian'izy ireo, ny namany, ny mpiaramianatra aminy, na ny firenena aza.»

«Inona ary no hataon'izy ireo ao amin'io Sekoly io?» hoy i Sarah.

«Mianatra Baiboly izy ireo, mifampianatra, mampivelatra ny talentany manokana izay hanampy azy ireo hizara ny fitiavan'Andriamanitra bebe kokoa aza - hitanao, toy ny mpihira mitendry ny gitarany na ny mpanakanto na ny mpaka sary mamorona sary mahafinaritra. Manafatra boky mampahery amin'ny Internet aho mba homena ireo voafonja eto amintsika. Tian'izy ireo izany.»

«Hitanao, mianatra bebe kokoa momba fitiavan'Andriamanitra isika rehefa mizara ny fitiavan'Andriamanitra. Ny fiofanana sy fianarana ary ny fampivelarana ny talentantsika no mahatonga antsika ho tsara kokoa amin'izay hataontsika. Raha very hevitra isika na manao fahadisoana, dia faly i Jesôsy

manampy antsika hamaha ny olana.»

«Tsy mahakivy an' i Jesôsy raha izany» hoy i Sarah namaly tamim-pisaintsainana. Mieritreritra fotsiny Izy hoe: «Mbola mila fiofanana kely ity mpianatra ity»

«Izany mihitsy» hoy pasitora Wilson. «Manoro hevitra anao ary aho mba handany fotoana miaraka amin'ny olona, hanolotra teny fampaherezana amin'ny tambazotran-tserasera, handray anjara mavotrika amin'ny fotoampivavahana, ary hampi-velatra ny talentanao. Anisan'ny fandraisana anjara ao amin'ny Sekolin'ny Fitiavana izany rehetra izany.»

Nitsiky i Sarah sady nizotra ho eny am-baravarana. «Misaotra Pasitora Wilson,» hoy izy niantso. «Hisoratra anarana aho anio!»

«Any an-tsekoly miha-ona» hoy ilay lehilahy nanofahofa tanana azy.

MIOMANA NY HANDEHA

Ity ny enti-modinao avy amin'ny Sekolin'ny Fitiavana. Farito anaty boribory ny zavatra tianao hotanterahina amin'ity herinandro ity.

Mamakia toko iray ao amin'ireto filazantsara ireto isan'andro mandritra ny herinandro: Matio, Marka, Lioka, Jaona.

Mandania ora iray eny anivon'ny zavaboary, angataho Andriamanitra hampiseho zavamahagaga anao.

Ampiasao ny iray amin'ireo talentanao mandra-pahatonga anao ho havanana kokoa amin'izany. Dia raao amin'olona izany.

Holatra

«Amin'izao sisa izao aoka tsy hisy hanahirana ahy intsony; fa izaho mitondra ny marik'i Jesôsy voatomboka eo amin'ny tenako.» - Gal. 6:17.


Fampidirana

Manahoana ianareo rankizy, salama tsara ve? Iza no tia ny fakan-drivotra any ampianarana? Inona no ataonareo mandritra ny fotoam-pakan-drivotra? (Omeo fotoana izy ireo hamaliana). Izany no fotoana tiako indrindra tany am-pianarana. Fony aho nitovy taona taminareo dia tiako koa ny milalao sy mihazakazaka teo an-tokotanin-tsekoly. Tahaka ny ankizy rehetra dia mety haratra indraindray.

Indray andro dia nisy mangana lehibe teo amin'ny tongotro ankavia. Tsy maintsny nesorina izany ary mampalahelo fa namela holatra ilay izy. Isaky ny mijery ny tongotro aho dia miverina indray any amin'ny 42 taona lasa. Ny holatra dia meryka navelan'ny ratra na ny fery aorian'ny fahasitranana.

Fantatrareo ve fa ...

Tamin'ny taonjato voalohany dia nanao tombokavatsa ny anaran'ny jeneraliny teo amin'ny handriny nymiaramila sasany ary ireo diso nafana fo tamin'ny fivavahana dia nitondra ny anaran'ireo andriamanibaviny. Nasiana marika tamin'ny vy mahamay koa ireo andevo mpanositra, ireo voafonja ary ireo olondratsy mba hahalalana azy ireo.



Mampalahelo fa manana holatra eo amin'ny tenany koa ny mpianatr'i Jesôsy. Tadiidinareo ireo matoanteny telo izay nampiasaintsika: mandeha, manaraka ary mankahala. Ireo izay mankahala ny Kristianina dia tsy mankahala azy ireo amin'ny teny fotsiny fa mamely azy ireo koa. Tsy hoe mikapoka azy ireo fotsiny izy ireo fa rehefa tratrany dia ampidiriny any an-tranomaizina na torahany vato. Vonoiny koa aza indraindray.

Fantatrareo ve fa niharana' ny haratsian-toetran' ireo fahavalony koa i Paoly apôstôly? Henoy ange ny teniny e: **“Indimy aho no nokapohin'ny Jiosy inefapolo latsaka iray avy. Intelo nokapohina tamin'ny hazo aho, indray maka notorahambato, intelo no vaky sambo, indray andro sy indray alina no nitotra teo amin'ny lalina”** - 2 Kôr. 11:24,25. Hatrany antampon-doha ka hatrany ampaladia dia feno holatra avy amin'ireo kapoka sy ratra izay azony noho ny fitoriany ny hafatry ny Filazantsara i Paoly (2 Kôr. 11:23-25). Azo antoka fa maro ireo holatra sy ratra nahazo azy teo amin'ny vatany. Fanaintainana mafy no tsapany nandritra ireo dia misiônera telo

nataony noho ny fankahalana nihatra taminny.

Nahoana izy no nanohy ny iraka nampanaovina azy na dia nahatsapa fanaintainana aza? Araka ny tokony ho izy, ny iraka ho an'i Jesôsy dia tokony hizotra tsara. Io sary mampihetsi-po io dia milaza amintsika ny amin'ireo fanaintainana maro nihatra tamin'ny apôstôly teo amin'ny fiainany. Asehony fa amin'ny fomba fijery maha-olombelona sy ny amin'ny fijaliana dia tompo-daka izy amin'ny sokajy rehetra. Ny fiainan'i Paoly apôstôly dia maneho amintsika, ankoatra ny zavatra hafa, ireto lesona roa ireto:

- Ahitana fanenjehana koa ny fiarahana mandeha amin'i Jesôsy (Asa. 14:26).
- Tsy irery isika amin'izany dia izany. (Mat. 28:20)

Mety mieritreritra angamba ianareo fa hahazo anareo koa ireo holatra teo amin'i Paoly? Samihafa ny iraka ampanaovina ny tsirairay. Na izany aza anefa dia zavatra tokana no angatahin'Andriamanitra amintsika: ny tsy fandavana an'i Jesôsy, izany hoe tsy matahotra ny hilaza fa tia an'i Jesôsy

(Mat. 10:32). Mety haneso anao ny sasany amin'ireo namanao, mety hiteny ratsy an'i Jesôsy angamba izy ireo. Hankarary anao ny tenin'izy ireo. Mety hitomany koa ianao. Saingy mangataka antsika Andriamanitra mba tsy handositra noho izany fahoriana izany. Andeha hianatra ny hizaka ireo fanaratsiana satria tia an'i Jesôsy isika. Andeha ange hovakintsika ity andininy ity e: «Amin'izao sisa izao aoka tsy hisy hanahirana ahy intsony; fa izaho mitondra ny marik'i Jesôsy voatomboka eo amin'ny tenako.» - Gal. 6:1. Ny hanompo an'i Jesôsy amin'ny fony rehetra no nanosika an'i Paoly. Nankany amin'izay rehetra nanirahan'Andriamanitra azy izy. Henoy tsara ity tantara manaraka ity.

Tantara

«Inona ity?» hoy i Sarah nanontany raha nipetraka teo akaikin'ny raibeny izay teo ambony sezalava izy. Nandefa ny tara-pahazavany mampiratra sy mafana teo amin'ny karipetra ny afo kitay mifanandrify amin'ny lalan-tsetroka tao amin'ilay tranokely fandraisambahiny.

«Oh, ilay holatra kely taloha?» hoy i dadabe namaly, teo am-pandinihina ny faritry ny sandriny havia ambony izay tondroin'i Saraha. «Fony aho mpitandro filaminana no nahazoako an'io. Nisy olona tapa-kevitra fa tsy tiany ny hanakanako azy tsy hanao heloka bevava, dia notifiriny aho.»

Niketrona ilay zaza-vavy. «Naharary anao ve izany?»

«Eny. Tena narary tokoa!»

«Inona no nitranga tamin'ilay lehilahy niton-dra basy?»

«Lasa tany an-tranomaizina izy»

«Faly mihitsy angamba ianao amin'izany e?»

Nihifikifi-doha moramora i dadabe. «Tsy dia izany loatra. Nampalahelo ahy ny nieritreritra fa tsy afaka nanampy azy hanana fiainana tsara kokoa aho.»

«Nitifitra anao anie izy dadabe e! Nitifitra anao izy! Manana ny holatra porofon'izany ianao!»

«Eny e, marina izany. Nitifitra ahy tamin'ny basy izy. Saingy aleoko miaina an-kalalahana, na misy holatra aza, toy izay miaina any am-ponja na tsy misy holatra aza. Sa tsy izany?»

Nanaiky moramora i Sarah. «Nahoana ny ratsy fanahy no mandratra ny tsara fanahy? Nahoana izy ireo no mamela holatra?»

Niketrona ilay lehilahy. «Heveriko fa tsy tia olona tsara ny olona ratsy fanahy» hoy izy. «Mety ho be fialonana izy ireo. Mihevitra angamba izy fa manaô fijery ratsy azy ny olona tsara fanahy. 'Horatraiko izy' hoy izy, 'fa angamba ho lasa ratsy tahaka ahy koa, ha tsy ho irery aho ao anatin'ny faharatsiako.»

«Misy holatra i Jesôsy» hoy i Sarah niteny moramora. «Nolazain'ilay mpitoriteny tany am-piangonana fa eo amin'ny tanany sy ny lanivony izany. «Fantatro» hoy dadabe tamin'ny alahelo. «Ary imbetsaka ny apôstôly Paoly no nokaravasy satria nitery ny fitiavan'i Jesôsy izy. Feno holatra ny lamosiny».

«Nijanona tsy nitery ve izy?»

«Tsia! Mbola nitery tany amin'ny toerana maro kokoa aza izy. Nanoratra toy izao izy tatỳ aoriana: 'Misy holatra eo amin'ny vatako. Maneho izany fa an'i Kristy Jesôsy aho'. Tsy

menatra izy. Ireo holatra ireo dia porofo fa tena mpianatra izy».

«Miezaka ny ho mpianatra aho», hoy i Sarah lasa fisainana.

«Fantatro» hoy i dadabe namaly. «Indraindray ny mpianatra dia ratrain'ny olona izay tsy tia ny teny lazainy na toriny, na hirainy na soratany. Ny holatra indraindray dia avy amin'ny teny maharary na fihetsika feno hasomparana. Fa ny tena mpianatra kosa dia mahalala ny dikan'ireo holatra ireo: mizara ny fitiavan'Andriamanitra izy ireo».

«Indrisy fa voatifitra ianao ry Dadabe» hoy i Sarah.

«Izany ny vidiny aloanao indraindray mba hahatonga anao ho mpitan-dro filaminana tsara», hoy ilay lehilahy.

MIOMANA NY HANDEHA

Farito anaty boribory izay tianao kokoa. (Mariho fa ny safidy sasany dia midika fa haneso anao ny olona sasany, hanakivy anao, na handratra anao amin'ny teniny na ny zavatra hataony).

Fiainana feno ny asa ratsin'i Satana

sa

Fiainana feno ny fitahian'Andriamanitra.

Fiainana mandrakizay miaraka amin'i Jesôsy any an-danitra sa

Fiainana fohy eto an-tany.

Feon'ny fieritreretana feno fahamelohana sy henatra

sa

Feon'ny fieritreretana madio sy fisainana feno fanantenana.



MAMALY NY ANTSO

“Mifalia mandrakariva amin’ny Tompo; hoy izaho indray: Mifalia” - Fil. 4:4.

Fampidirana

Manahoana daholo ianareo rankizy, Sabata anio, andro fety. Iza no tia mankalaza ny tsingerintaonany? Ny Sabata dia tsingerintaona isan-kerinandro. Rehefa mankalaza ny Sabata isika, dia ao anatin’ny fifaliana. Iray amin’ireo singa sivy amin’ny vokatry ny Fanahy ny fifaliana. Iza no afaka milaza amiko ireo valo hafa? (Omeo fotoana hamaliana izy ireo). Marina izany rankizy. Noho izany, mino aho fa nandalo fotoana mahafinaritra avokoa ianareo nandritra ity herinandro ity. Andeha hojerentsika izay efa hitantsika. Hitantsika ny niantsona ny mpianatra; ny mpianatra sy ny iraka ampanaovina azy; ary ireo fepetra mandritra ny iraka. Hono hoy aho, malahelo sa faly ny mpianatra eo amin’ny fiainany andavanandro?

Fantatrareo ve fa ...

Tamin’ny famelabelarana omaly, dia nolazaiko taminareo ny haterazan’ny olona nanohitra ny Apôstôly Paoly. Niasa ho an’ny Tompo izy na dia teo aza ireo fanenjehana nandritra ny 35 taona. Nogadraina tao amin’ny tanànan’i Filipia, Troasy, Efesosy, ary mazava ho azy tamin’ny faran’ny diany,

avy any Jerosema nankany Roma izy. Tena nijaly izy. Na dia teo aza ny fahasarotana, dia tsy nanakana azy hanohy ny iraka nampanaoviana azy izany. Niaranihira tamin’i Silasy izy rehefa tany an-tranomaizina. Nofenoin’izy ireo hira fiderana ny tranomaizina. Gaga tamin’ny fitondran-tenan’izy ireo ny gadra hafa. Fantatrareo ve fa tany am-ponja ny apôstôly Paoly raha nanoratra ity andininy ity: “Mifalia mandrakariva amin’ny Tompo; hoy izaho indray: Mifalia” - Fil. 4:4. Miara-mihira amin’i Silasy namany ao am-ponja ity lehilahy ity, mahavariana e? Sa ahoana hoy ianareo? Eny, tena mahavariana, na izany aza mahalasa saina ahy ihany izany toe-tsaina izany: mahita fifaliana kanefa ao am-ponja.

Inona ny zavatra mahafaly anao? Afaka ny ho sambatra amin’ny fotoana rehetra ve ianao, na ny olona hafa? Rehefa tsy mandeha araka ny tokony ho izy ny zavatra rehetra, moa ve

- ...tsy lazainao na amin’iza na amin’iza izany?
- ...mitomany ianao?
- ...mivezivezy eny rehetra eny ianao?
- ...tsy te hisakafo ianao?
- ...misakafo be ianao?
- ...misy fihetsika hafa ankoatra ireo?

Niatrika olana maro i Paoly amin’ny maha-mpanompon’ Andriamanitra, saingy tsy kivy izy, na dia miatrika fahafatesana aza. Nahoana? Satria tena nanandanja ny iraka nampanaoviana azy. Tiany handre ny Vaovao mahafaly momba an’i Jesôsy ny olona rehetra, mba hiorenan’ny finoany eo Aminy. Manome fifaliana be ho an’i Paoly sy ny Kristianina rehetra ny mahafantatra ny zavatra nataon’Andriamanitra, ary ny Fanahy Masina no manome hery hiatrehana ireo toe-javatra sarotra. Faly ny Kristianina satria mahita ny lafitsaran-javatra mandrakariva izy ireo. Tsy hoe satria manana harena ara-nofy betsaka izy; na satria tanora ary salama tsara. Fa satria tena fantany ao am-pony lalina ao Andriamanitra (2 Kor. 6:10).

Tsy manana ahiana izay mianatra mitia ny Tompo: amin’ny toe-javatra rehetra dia mivavaka sy mampahafantatra ny fangatahany rehetra amin’Andriamanitra izy: “Aza manahy ny amin’ny ainareo”, hoy i Jesôsy teo an-tendrombohitra. Na dia ao anatin’ny fotoan’ny fitsapana aza, dia milaza izao ireo mpino ao amin’ny Testamenta Taloha: “Nefa izaho dia mbola hifaly amin’i Jehovah ihany” - Hab. 3:17-19. Ny Kristianina dia ireo izay tsy mitsahatra ny misaotra an’Andriamanitra miaraka amin’ny mpanao Salamo hoe: “Sambatra izay olona manan-kery avy aminao; ao am-pony ny lalana”. Ny hoe manara-dia an’i Jesôsy, dia manana fifaliana tsy mety ritra. Henoy tsara ity tantara manaraka ity.

Tantara

Nitsiky i pasitora Miller tao amin’ny fiangonany rehefa namerimberina ny teniny nanao hoe: “Misy olona ve maniry ny hanokana ny fiainany ho an’i Jesôsy? Misy olona ve maniry ny hitsangana sy hilaza hoe ‘misafidy ny ho mpianatr’i Kristy aho ary hanaraka Azy na aiza na aiza hitarihany ahy?’”

Niara-nipetraka tamin’ny ray aman-dreniny teny aloha i Sarah raha nanakoako manerana ny fitoerana masina ny antson’ny mpitandrina. Nahatsapa fifaliana tao anaty izy satria efa namaly izany antso izany volana maromaro mialoha. Nisafidy ny ho mpianatra izy, ary na dia tsy mora aza izany indraindray, dia fantany fa fanapahan-kevitra tsara.

Hatramin’ny fotoana nitsanganany hiteny hoe: “maniry ny ho mpianatra aho,” dia feno fihaikana sy lalana maro nisokatra teo amin’ny fiainany. Efa niresaka tamin’ny mpiara-mianatra taminy mihiy aza i Sarah ary nanasa azy ireo hiaraka aminy ho any amin’ny fivoriana manokana any amin’ny fiangonany – fandaharana feno mozika mahafinaritra sy tantara mahafinaritra izany. Nanaiky ny fanasany mihiy azy ny sasany ary nahafinaritra ny nihaino ny toritenin’ny pasitora Miller sy ireo olona samihafa nizara ny talentany. Nankafizin’ireo ankizy nitsidika

indrindra ilay lehilahy nitendry ny “marimba” sy ilay vehivavy nihira sady nitendry “ukulele.”

Maro tamin'ireo mpiaramianatra ireo, niaraka tamin'ny ray aman-dreniny, no nitsidika ny fiangonana tamin'izany fotoana izany ary nipetraka teo anilany, nihaino ny filalaovana orga raha niandry ny valin'ny antsony ny pasitora Miller.

Tampoka teo, ren'i Saraha naneno ny dabilio nipetrahanay rehefa nisy olona nitsangana. Nitraka izy mba hijery hoe iza izany, ary taitra mafy. I Terry, ilay zazalahy izay niteraka fahasahiranana sy henatra be ho azy tany am-pianarana. Nandainga momba azy io zazalahy io, ary naneso sy nampijaly azy. Rehefa nandeha ny fotoana, dia nanjary

sariaka kely izy, saingy mbola tavela ny fanaintainan'ny zavatra nataony taloha.

Ankehitriny dia mijoro eo alohan'ny fiangonana feno olona izy sady niteny hoe: “maniry ny ho mpianatra aho. Maniry ny hanolotra ny fiainako ho an'i Jesôsy aho.”

Olona maro hafa tamin'ny mpivavaka koa no nitsangana hamaly ny antson'ny pasitora Miller, saingy tsy tsikaritr'i Sarah. Tsapany fa nampiasa azy hikasika ny fon'ny olombelona hafa Jesôsy. Tsy mbola nahatsapa fifaliana toy izany izy hatramin'ny fahazazany rehetra.

Rehefa nivavaka ho an'ireo olona nitsangana ny pasitora, dia nirotsaka ny ranomason'i Sarah. Nanova ny fiainany ny famaliana ny antso ho amin'ny maha-mpianatra,

ary tsy azony an-tsaina ny ho tonga zavatra hafa ankoatra ny mpianatra. Na inona na inona homanin'ny hoavy ho azy, dia fantany fa hizara ny fitiavan'Andriamanitra hatrany amin'ny olona rehetra sendra azy izy. Ho mpianatra mandrakariva izy.

Rehefa vitan'ilay pasitora ny vakava nataony, dia nanao “Amena” tamim-pifaliana i Sarah.

MIOMANA NY HANDEHA

Te ho mpianatra ve ianao?
Mivavaha toy izao isa-maraina:

“Jesôsy o, maniry ny ho mpianatra ho Anao aho. Ampianaro aho, zaro, ary tariho isaky ny indray mandingana. Anao aho. Amena.”

SABATA FAHAROA

TSY MBOLA TARA

“Ny fifaliana, ny fahombiazana, ny voninahitry ny asa fanompoana ataonao, dia ny ho vonona mandrakariva, miaraka amin'ny sofina mahay mihaino ny antson'ny Tompo hoe: ‘Inty aho, iraho aho’”
— Ellen G. White, *Selected Messages*, b. 2, f. 168.

Fampidirana:

Tongasoa amin'ity Sabata farany amin'ny herinandro fiarahamivavaka ity ianareo rankizy. Niresaka momba ny mpianatra sy ny iraka ampanaovina azy isika tamin'iny herinandro manontolo iny. Hitantsika fa be no takina amintsika raha te ho tonga mpianatra isika. Nandritra ny famelabelarana rehetra, dia nanazava ny atao hoe mpianatra aho ary nampirisika anareo ho tonga mpianatra. Misy antony tokoa, matoa ny Baiboly miresaka momba izany. Tian'Andriamanitra

hanolo-tena ho amin'ny asany isika, mba ho misiônerany na aiza na aiza.

Fantatrarao ve fa ...

Fahiny, ny teny hoe «misiônera» dia nidika hoe mandao ny trano fonenana ary mandeha any an-tany lavitra mba hitory ny filazantsara na handray anjara amin'ny asa fanompoana. Tahaka nataon'i Jônà, Paoly sy Filipino. Ankehitriny, ny 60 isanjaton'ny mponina maneran-tany dia mampiasa «internet» daholo, ka afaka ny ho tonga misiônera ianao na tsy mivoaka ny efitranonao aza. Raha ny tokony ho izy, raha te ho tonga mpianatr'i Jesôsy, dia ny miteny hoe «eny, mety aho» ihany no ilaina.

Nefa, ao amin'ny andininy eo aloha, Isaia 6:8; dia nahita karazana fialan-tsiny i Isaia hilazana amin'Andriamanitra fa tsy manana talenta hanao ilay asa izy. Saingy ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra, dia tsy maintsy valiana ny antso na eo aza ny tsy fahaizana! Ny tena zava-dehibe dia izao: tsy ny fananana traikefa na fahalalana, fa ny fahavononana sy ny fetezana hianatra. Raha vonona hiasa avy hatrany ianareo raha vantany vao mibaiko Andriamanitra, dia hoentiny any amin'ny toerana tsy azo hidirana ianareo mba

hanatanteraka izay heverina tsy ho vita. I Abrahama, Jakôba, Josefa, Estera, Mosey, Samoela, Davida ary Isaia; ireo rehetra ireo dia manana ny nampitovy azy. Samy niteny izy ireo hoe: «inty aho». Tsy mahatsikaiky ve ny mandany fotoana be sy hery iciriteretana hoe ahoana no handehanana any amin'izay tian'Andriamanitra halehantsika, kanefa ny fitenenantsika hoe: «Inty aho» dia ampy? Anjaran' Andriamanitra ny mitarika antsika any amin'izay tiany. Anjarantsika ny manaiky.

Ireo izay mifidy ny ho misiônera ho an'i Jesôsy dia tokony ho finaritra mizara ny finoany, ary mizara izany amim-pahatsorana. Tsy mitady mpianatra mahay na faran'izay mahay i Jesôsy. Ireo izay miankina Aminy sy maniry hianatra Aminy no tadiaviny. Ny fizarana ny finoana no tena ilaina amin'ny fanarahana an'i Jesôsy eo amin'ny fiainana.

«Betsaka ny Kristianina mihevitra ankehitriny fa tsy anjarany ny mijoro ho vavolombelona. Milaza izy ankapobeny fa tsy hainy izany, tsy manana traikefa ampy izy, tsy manana fitadidiana, na sarokenatra loatra ary matahotra ny tsy hahomby. Hadinontsika matetika fa tsy mora tamin'ireo mpianatr'i

Jesôsy, ary tsy nanavanana azy ny nitory ny filazantsara. Ny fijoroana ho vavolombelona dia tsy natokana ho an'ny manam-pahaizana sy izay tsy menatra miteny eo anatrehan'ny dahalobe ihany.»

Rehefa miantso olona hanao ny asany i Jesôsy, dia manome izay rehetra ilainy ho amin'izany. - I Mosesy sy ny tehina - I Elisa sy ny gaoina - sns...

Ianao koa, hanome izay ilainao Izy rehefa manao ny asany ianao. Ny fahavononanao fotsiny no tadiaviny. Ny tetik'asa «Mandeha sy miasa miaraka amin'i Jesôsy» (MTAJ) dia natao mba hahafahan'ny ankizy sy ny tanora (7-16 taona) ho tonga misiônera amin'izao taranaka mpampiasa teknôlôjia môderina izao. Ilay mpanoratra advantista Ellen White izay fantatra amin'ny hoe Madama White dia milaza amintsika ao amin'ny boky *Témoignage pour l'église* fa: “Ny gazety sy ny boky no fomba ampiasain'Andriamanitra hahatonga ny hafatra ampitainy ho eo ambany mason'izao tontolo izao mandrakariva.” Ary ankehitriny dia tokony hifanaraka amin'izao vanim-potoana izao koa ny tenin'Andriamanitra. Tena ilaina foana tokoa ny boky an-taratasy, kanefa na izany aza, amin'izao vanim-potoan'ny teknôlôjia izao, dia ilaina manao “internet” (tambajotran-tserasera sns...).

Nilazany talen'ny Departemantan'ny Fifandraisana any amin'ny Diviziona Trans-eorôpeanina, Victor Hulbert hoe : “nanatrika teo amin'ny fitaovana fampitana vaovao, dia ny boky voatonta ireo mpamaky laintsika”. Hoy indray i Jan-Gunnar Wold, talen'ny Departemantan'ny Fifandraisana any amin'ny Fivondronambe any Danemark: “tokony hiditra any amin'ny tambajotra nomerika isan-karazany isika amin'izao androntsika izao, mba hanaraka ny ohatra nasehon'ireo mpamaky laintsika.”

Mampirisika anareo tsirairay avy aho mba ho mpino mahatoky an'i Jesôsy. Manàna finoana, fa tsy ho foana ny fikelazantsika aina, fa amin'ny alalan'ny vavaka sy fanoloran-tena, dia hampiasa ny fomba rehetra Andriamanitra mba

hitoriana ny teniny manerana izao tontolo izao. Isaia 6:8 “Ary nandre ny feon'ny Tompo aho nanao hoe : Iza no hirahiko, ary izao no handeha ho irakay ? Dia hoy izaho : inty aho, iraho aho!”

Tantara

Nivadibadika tamin'ny torimasony i Ellen White. Toa tena marina ny nofiny. Nijery an'i Edson zanany lahy niaraka tamin'ny namany maromaro nilalao teny amoron-dranomasina izy. Nifantoka tanteraka tamin'ny filalam-boly izy ireo ka tsy nahatsikaritra fa efa lasa lavitra ny morontsiraka.

Miakatra ambony hatrany ny onjan-dranomasina ary andeha hianjera teo amin'ireo olona vitsivitsy no sady nidoboka mafy. “Tsy manana fotoana holanina ianareo!” hoy izy nihiaka, niezaka ny ho re na dia teo aza ny rivotra, sy ny rano, ary ny onja. “Ny tambolin'onja! Ny tambolin'onja!”

Fantatr'i Ellen fa rehefa miverina any an-dranomasina ny onja, dia afaka mitondra an'ireo tanora tsy manana fiarovana ireo miaraka aminy. Azo antoka fa ho rendrika izy ireo. Tampoka teo dia nandre an'i Edson nihiakiaka noho ny tahotra izy. Taitra izy ary nangovitra.

Tsy zazalahy intsony anefa ny zanany lahy. 43 taona izy ary mipetraka lavitra ny trano. Nahonena ny fiainany, nanao fahadisoana maro ary nandainga momba ny toerana nisy azy izy. Efa imbensaka mihitsy aza i Ellen no tsy maintsy namoaka azy tao am-ponja.

Efa maty ny rain'i Edson. Toy izany koa ny rahalahiny roa. Nanohitra ny zavatra rehetra nijoroan'ny reniny izy, ary miteny azy mafy indraindray.

Tamin'io andro nanofisan'i Ellen io, dia nanoratra taratasy ho an'i Edson momba ilay nofy ratsy izy. “Maneho ny herin'i Satana sy ny sitraponao manokana ary ny fizarirananao ny tambolin-dranomasina” hoy izy. Nampahatsiahy ny azy fa mila manolotra ny fiainany ho an'Andriamanitra izy.

Nisy zava-mahagaga nitranga avy eo. Nino azy i Edson. Hoy izy tamin'ny tenany, *tsy mandeha amin'ny lala-marina mankany an-*

danitra aho. Mila miova aho.

Niova tokoa izy! Taorian'ny vavaka maro nataony, dia nanomboka asa fanompoana vaovao izy. Nandeha sambo kely nantsoina hoe “Morning Star” izy, nidina ny Renirano lehiben'i Mississippi nankany amin'ny faritra atsimon'i Etazonia. Nampiasainy ho fiangonana sy sekoly ho an'ireo Amerikanina mainty hoditra tao amin'io faritra io izany, nentiny nizara ny filazantsara tamin'izy ireo. Rehefa nandeha ny fotoana, dia nanampy tamin'ny fiangonana sekoly 15 izy, trano fanontam-pirinty mba hamoronana boky azon'ny Amerikanina mainty hoditra ankafizina, ary toeram-pitsaboana iray mba hanomezana izay ilain'izy ireo ara-pitsaboana.

Naneho an-tsary lesona roa manan-danja ny tan-taran'i Edson White. Voalohany, tsy tokony hahafony ny zanany ny ray amandreny. Nanoratra taratasy maro tamin'ny Ellen ary nampahafantatra azy mandrakariva fa tia azy izy. Ary faharoa, mbola fotoana mety hahatongavana ho mpianatr'i Jesosy izao.

Izany no antony naneken'i Edson ny hidiran'i Jesôsy tao ampony nony farany ary nandrenesany ny Mpamonjy niteny taminy hoe: “Mandehana any amin'izao tontolo izao ary zarao ny fitiavako,” dia vonona ilay lehilahy. “Handeha aho” hoy izy tamim-pifaliana. “Handeha aho!”

Izany no ataon'ny mpianatra.

MIOMANA NY HANDEHA

- Vonona ny handeha sy ho mpianatra ve ianao? Diniho amin-bavaka ireto hevitra ireto:
- Mirotsaka an-tsirapo ao amin'ny fivarotana lasopy eo an-toerana. Mandroso sakafio amin-pahalemem-panahy.
- Mitady fomba hanangonana vola ho an'ny ADRA.
- Manao izay hahafaly ny pasitoranao amin'ny fanampiana azy ao amin'ny fiangonana.
- Mandefa hafatra mampahery ho an'ny olona manana olana (amin'ny alalan'ny tambajotra).